# Antenimierandoholona
## Mijoro hatrany na fofoin-dRajoelina ho ravana 3


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 30 Jolay 2019 Laharana 936 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 139), Madagasikara 27 jolay 2019 5

## Fanoherana eto Madagasikara 2

# Mahafeno fepetra ho filohany ny TIM




## Trano sy tany 300 ara 6

# Voafindra tompo 10 andro monja



### ANDRAISORO SY AMBATOKARANANA 7

Nahazo lalankely avy amin'ny CUA koa araka ny fangatahan'izy ireo



### Mananjara Soanierana 6

Tsy fantatry ny reniny ny fahaverezan'ny zanany

### Ben'ny tanànan'Antsirabe 3

Vonona haka izany indray ny antoko TIM

### Constant Raveloson 2

Tokony ho sarahana ny fanabeazam-pirenena sy ny teknika

### Daka kely

Mpanohitra tena izy no ilaina ry Boaikely fa tsy sarintsariny a !

### Sekoly ambony IMT 5

Mahatsangana orinasa ho an'ny tenany ny mpianatra



LALÀNAN'NY ANTOKO MPANOHITRA

## Avoahy ny didy fampiharana hoy Ravalo



Nanatontosa iraka tany Bruxelles Belgique sy tany Allemagne ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana ny herinandro lasa teo. Nandritra ny fahatongavany teto Madagasikara ny faran'ny herinandro teo dia nisy ny tatitra nataony tamin'ny mpanao gazety tao Bel'Air Ampandrana, foiben'ny antoko TIM mahakasika ny diany tany an-toerana. Nisy hoy izy ny fihaonana tamin'ireo tompon'andraikitra ambony misahana ny fifandraisana amin'ny any ivelany ao amin'ny vondrona Eoropeana tany Bruxelles, ka nodinihana tamin'izany ny fandehanan-draharaha politika amin'ny ankapobeny eto Madagasikara, indrindra ny fijoroan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ho mpanohitra. Nivoitra tamin'ny resaka natao, fa antoky ny fizorana amin'ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna ny fisian'ny antoko mpanohitra matanjaka eto Madagasikara. Noho izany andraikitra goavana noraisin'ny antoko TIM izany, dia vonona ny vondrona Eoropeana hanampy ara-bola sy arateknika amin'ny fanatanterahana izany andraikitra maha antoko mpanohitra izany. Hisy araka izany ny fanofanana ireo olom-boafidy sy ireo mpikambana ao amin'ny antoko mikasika ny andraikitry ny antoko mpanohitra. Tany Allemagne indray dia nihaona tamin'ny ambasadaoron'i Allemagne teo aloha taty Madagasikara, Harald Gehrig sy ireo manampahaizana momba ny antoko mpanohitra sy ny fanoherana ara-politika ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, hoy ny filoha Marc Ravalomanana. Ny fampiasàna ny teknolojia vaovao eo amin'izany fanoherana ara-politika izany no tena nifantohan'ny resaka. Ny fahefana azo avy amin'ny teknolojia dia fahefana tsy azo kirakiraina amin'izay hitiavana azy, na ho amin'ny tombontsoa manokan'ny mpitondra fanjakàna, fa fampiroboroboina kosa ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakàna, izay fototry ny fanjakàna tsara tantana. Marihina hoy ny filoha Marc Ravalomanana nandritra ny tatitra ny diany tamin'ny mpampahalala vaovao fa nandritra ireo fihaonana roa ireo : Bruxelles sy Allemagne dia gaga sy taitra ireo manampahefàna sy manampahaizana maro samihafa nifampiresaka taminay raha nandre fa hisy fanovàna sahady ny lalàna mikasika ny antoko mpanohitra, kanefa ilay lalàna aza mbola tsy nampiharina akory. Tokony hampiharina aloha ny lalàna misy fa izany no maha tan-dalàna, atao ny fanitsiana any aoriana raha toa ka ilaina izany. Arak'izany, mitaky ny hamoahana ny didy fampiharana ny satan'ny antoko mpanohitra i Dada, hampiharo aloha hoy izy ny lalàna, rehefa avy eo, raha hita fa tsy mety vao hahitsiny tokoa.

**_Helisoa_**

Constant Raveloson

## Tokony ho sarahana ny fanabeazam-pirenena sy ny teknika



*Constant Raveloson, mpanao politika sady mpampianatra.*

Nitondra fanehoan-kevitra momba ny resaka fanabeazana eto amintsika amin'izao fotoana, i Constant Raveloson, mpanao politika sady mpampianatra. Tokony ho sarahana hoy izy ny resaka fanabeazam-pirenena sy ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa satria lasa sarona indray ny fampianarana teknika sy fanofanana arak'asa, nefa efa mba nisandratra tamin'ny fisarahan'ny ministera ho roa teo aloha: hafa ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena, hafa ny misahana ny teknika sy ny fanofanana arak'asa. Raha atambatra toy ny misy amin'izao ireo ministera roa ireo dia mety hiverina ho toy ny teo aloha, natao ho fandefasana ireo mpianatra osaosa indray ny any amin'ny teknika sy ny fanofanana arak'asa, nefa izany teknika sy fanofanana asa izany ankehitriny no tena ilain'ny firenena hoy Constant. Tokony hiaraka kosa hoy izy ny ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, sy ny ministeran'ny asa, satria mifampiankina ireo. Ankoatra izany araka ny vaovao voaray, betsaka ankehitriny ny famatsiam-bola tokony ho an'ny departemantan'ny fanofanana teknika sy arak'asa mihantona, noho ny fitambaran'ny ministera roa : sarona ao amin'ny fanabeazam-pirenena ity ministera tokony hizakatena ity.

**_Isambilo_**

Jiolahy 3 gaigilahy

## Tratra noho ny finday halatra nampiasainy

Fanafihana efatra niampy fikasihan-tanana sy fanolanana vehivavy lehibe roa tao amin'ny fokontany Miaramasoandro, Antsongo, Mahafaly ary Vatofotsy Antsirabe, nanomboka ny farampara'ny volana jona hatramin'ny tapatapaky ny volana jolay teo no nahavoarohirohy an'ireo jiolahy efa voaheloka ary manao asa an-terivozona ireto. Telo lahy mbola ao anatin'ny fanaovana asa an-terivozona, niampy lehilahy iray vao avy namita sazy tany am-ponja vao iray volana monja no voalaza ho tompon'antoka tamin' ireo, ka samy nalefa any amin'ny fonjan'i Tsiafahy avokoa, taorian'ny fampiakarana ny raharaha teo anivon'ny fampanoavan'Antsirabe ny herinandro lasa teo. Roa lahy hafa voalaza ho nandray sy nividy ireo entana halatra kosa no voatazona vonjimaika ao amin'ny fonjan'Antsirabe. Saika nitovy avokoa ny fomba nisehoan'ireo asa ratsy ireo, ka raha araka ny filazan'ny lohaanom-baovao dia miditra an-keriny ao amin'ilay tokantrano ireo jiolahy. Mikasi-tanana ireo lehilahy izy ireo ka rehefa izany dia manangona ny vola, firavaka, finday, solosaina sy ireo entana lafo vidy. Ho an'ilay tokantrano tao Antsongo dia io niampy fanolanana vehivavy lehibe, izay voalaza ho efa fanaon' ilay vao avy namita sazy io. Ankoatra ny fanadihadiana dia isan'ny nampy tamin'ny fikarohana ireo jiolahy ihany koa ny fampiasan'iray tamin'izy ireo ny finday iray azony nandritra ny asa ratsiny. Narahina hatrany ireo antso nataony ka tamin'ny alalan'ireo olona nifandray taminy matetika no nahafahana nanao ny vela-pandrika izay nahatongavana amin' izao faharavan'ny fikambanan'izy ireo izao.

**_Solohery_**

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fanoherana eto Madagasikara

## Mahafeno fepetra ho filohany ny TIM

Nanamafy ny fijoroany hitarika ny antoko mpanohitra eto Madagasikata ny Filoha mpanorina ny Tiako i Madagasikara (TIM), ny filoha Marc Ravalomanana. Nambarany fa antoka hisian'ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna ny fijoroan'ny Antoko mpanohitra. Nisy ny fitsidihana nataony tany amin'ny foiben'ny vondrona Eoropena tany Bruxelles. Ny filohan'ny antoko Tiako i Madagasikara Marc Ravalomanana irery ihany no mahafeno ny fepetra hitarika ny vondron'ny antoko politika mpanohitra eto Madagasikara, izay ho modely aty Afrika sy maneran-tany, satria ny antoko mpanohitra no antoky ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna. Tsy natokana ho an'ny antoko politika iray ihany toy ny TIM ihany ny fanoherana, fa afaka miara-miasa ireo fikambanana sy antoko mitovy fomba fijery rehetra hoy ny filoha Marc Ravalomanana. Takian'ity lehiben'antoko ity ny hampiharana ny lalàna mifehy ny fanoherana sy ny antoko mpanohitra eto Madagasikara izay efa nolaniana tamin'ny 2011, ary namafisiny, fa tsy fanonganam-panjakana no tanjona fa fiarahamitady vahaolana ho fampandrosoana ny firenena. Aleo aloha ampiharina ny lalàna, avy eo mijery miaraka ny fomba hanitsiana azy any aoriana. Ankoatra izay, nanambara ny filoha Marc Ravalomanana tetsy Bel'Air Ampandrana foiben'ny antoko TIM fa mila mifampiresaka ny Malagasy, na tsy mihavana aza, hiaraka hijery ny mahasoa ny firenena. Tokony hisy hoy izy ny fihaonana eo aminy sy ny filoha Andry Rajoelina hanazavàny azy raha misy zavatra tsy azony mikasika ny antoko mpanohitra. Efa nangataka izany aho hoy izy fa mbola tsy nivaly hatramin'izao. Raha tiana handroso i Madagasikara, dia tokony hisy ny fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny mpanohitra, satria ny tanjona dia ny hampandrosoana an'i Madagasikara, na tsy mitovy aza ny hevitra.

**_Helisoa_**

Fiaraha-monina Malagasy

## Potehin-dRajoelina sy ny forongony

Taorian'ny fanonganam-panjakàna ny taona 2009 dia nanjaka teto amin'ny firenena ny toe-tsaina lavitry ny fanajàna ilay soa toavina nampiavaka ny Malagasy teto amin'izao tontolo izao dia ny fihavanana. Nodradradraina nandritra ny tolona nataon'ireo mpanonganam-panjakàna tamin'izany ny hisian'ny fiovàna eto amin'ny firenena mba ho tsara ny fiainan'ny vahoaka tsy mandady harona. Raha fanovàna anefa no noventesina tamin'izany, dia ny tonga ao antsaina avy hatrany dia ny hoe fanovàna ho any amin'ny tsaratsara kokoa noho ny misy teo aloha no tokony ho hita. Kanjo tsy izany no izy fa ny tena mifanohitra amin'izany. Potika tanteraka ny fiaraha-monina Malagasy, vao mainka nitotongana ny fari-piainan'ny Malagasy, ka ilay fiainana efa nisokatra tamin'ny fitondràna teo aloha, rava tanteraka. Tantara tsy fanadino ny zavatra nitranga tamin'ny 2009 satria nampitondra faisana Malagasy marobe potika sy rava fananana. Tsy ny fahantrana ihany no hita misongadina eto amin'ny firenena vokatr'izany, fa ilay toetsaina mihintsy no miha -potika. Araka ny voalaza tetsy ambony dia ilay soa toavina maha Malagasy tsy hita misongadina intsony fa fifanenjehana eo amin'izay tsy mitovy hevitra amin'ny tena, na hita izao aza fa marina aza ny fanehoan-kevitra atao. Misy hatramin'ny fampitahorana araka ny hita amin'ireny tambazotran-tserasera izay efa mahazo vahana ankehitriny. Eo no mahatonga ny antoko Tiako i Madagasikara tarihin'ny filoha nasionaliny Marc Ravalomanana milaza ombieny ombieny fa tokony hisy ny fifampiresahana eo amin'ny samy Malagasy na tsy mihavana aza, satria tsy ilaina ny miziriziry amin'izao fotsiny, tsy hitondra fampandrosoana ny firenena izany raha tsy misy ny fifampitokisana eo amin'ny mpitondra sy ny mpanohitra.

**_Helisoa_**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy misy fiovàna ny fiainam-pirenena

Araka ny fitenenana, dia tsy ovaina ny ekipa mahomby. Dia niaraha-nahita ny fanendrena ny praiministra sy ireo mpikambana eo anivon'ny govemernanta, izay tsy nisy afa-tsy iray no vaovao. Toa milaza ve izany, fa matoa tsy novaina izy ireo, dia toa midika, fa nahomby ny asany tao anatin'ny enim-bolana niasany sy nitanan'izy ireo andraikitra. Raha manana ny fomba fitsarany ny filohan'ny repoblika, dia tsy azo sakanana, fa manana ny fomba fiheverany sy ny fahitany ihany koa ny vahoaka. Ireto farany mantsy no mibaby sy iantraikan'ny asa notanterahan'izy ireo. Ho an'ny vahoaka maro an'isa, amin'ny ankapobeny dia tsy mbola nisy fiovana firy ny fiainany andavanandro. Mbola miharitra ireo olana sy fahoriana rehetra niainany hatramin'izay eo amin'ny lafiny sosialy ny maro. Tsy lavina, mety nisy nahita rirany tamin'ny tombontsoa tao anatin'izao fitondrana Rajoelina izao, fa mety ireo akaiky vilany ireo, fa tsy ny rehetra akory. Tsy nisy fiantraikany akory teo amin'ny fiainam-bahoaka ny fihenan'ny vidin-tsolika noezahina nifampiraharahana tamin'ireo mpanafatra sy mpaninjara solika ary mpandraharaha amin'io sehatra io, izay nidina Ariary 100 monja. Tsy fantatra mazava amin'ny vahoaka akory aza izay nifanarahana tao ambadika tao tamin'izany. Tsy mivonona hanova ny fomba fiasany velively ny mpitatitra izay lazaina hoe notsinjovina mba tsy hampakatra ny saran-dalany. Amin'ny ankapobeny dia mihizihizy tsy mihetsika ny fidangan'ny vidim-piainana. Ho an'ny vahoaka dia io no laharam-pahamehana. Hatreto anefa tsy nahita irika tamin'izany ny fitondrana sy ireo mpanatanteraka fa niseho babany noho ny hafa hatramin'izay teo amin'ny fitondrana aza. Tsy misy fiovana toy ireo mpikambana eo anivon'ny governemanta ihany ny toe-draharaha iainam-bahoaka eto amin'ny firenena.

Niaraha-nahita sy ren-tany ren-danitra ny zavatra natao tamin'ny mpilalaon'i Barea tany amin'ny CAN tany Ejipta. Iaraha-mahita tsara kosa ny natao tamin'ireo mpilalao sy atleta nankatsy amin'ny Nosy Maorisy. Ary dia efa fantatra ny zava-misy any amin'ny ankizy sy zatovo ary tanora Malagasy eny ifotony mitia taranjam-panatanjahantena isan-karazany. Tsy hisy fiovàna ?

***Sôh'son***

**BEN'NY TANÀNAN'ANTSIRABE**

# Vonona haka izany indray ny antoko TIM

Vonona haka ny toeran'ny ben'ny tanànan' Antsirabe indray ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Raha ny marina tokoa dia azo lazaina ho toerana anjakan'ny antokon'i Dada ity renivohitr'i Vakinankaratra ity, azo tarafina izany tamin'ny fahazoany ny toeran'ny depiote tany an-toerana tamin'ny fifidianana farany teo. Noho izany antony izay nanambara ny antoko TIM Antsirabe I ny faran'ny herinandro teo fa ho kandidà ben'ny tanàna aty an-toerana I Guy Rivo Randrianarisoa. Ny Sekretera Jeneralin'ny Antoko TIM mihitsy no nidina taty Antsirabe nandritra ny hetsika goavana nokarakarain' ny Antoko Tiako i Madagasikara tao amin'ny tokontany malalaky ny CDA Vatofotsy. Nandritra ity hetsika goavana ity no nanaovana tatitra tamin'ireo mpikambana TIM Antsirabe ny tatitry ny Kongresy nasionaly sy ny fanazavana tamin'ireo mpikambana ny momba ny maha antoko mpanohitra ity antoko ity




*Guy Rivo Randrianarisoa, ho kandidàn'ny TIM ao Antsirabe.*

ary ny fanolorana ny kandidà ho Ben'ny Tanàna ao Antsirabe. Nambaran'ireo rehetra nandray fitenenana fa na teo aza ny resabe samihafa fa tsy manana olona ny TIM Antsirabe dia voaporofo fa namoaka ny goavana indrindra izy ireo. Efa maro ny olona nisary zoro mba ho kandidàn'ny TIM teto Antsirabe saingy voaporofo fa manana ny olona sy efa niomana tamin'ny kandidà azy manokana ity antoko ity. Raha ny nambaran'i Guy Rivo Randrianarisoa dia izany no antony tsy nilatsahany ho solombavambahoaka na dia niangavian'ny filoha mpanorina ny antoko aza izy mba hiverina eny amin'ny Antenimierampirenena. Izay ihany koa no nametrahany fialana tsy ho sekretera jeneralin'ny kaominina Antananarivo renivohitra fa tsy arakaraky ny notaterin'ny olona tany anaty tambazotran-tserasera ireny. Namafisiny fa izy dia tsy mivadika ary tsy hivadika amin'ny antoko TIM izany raha mbola velona satria efa niainany sy niharetany ny mafy izany, ary tsy manana olana amin'ny filoha mpanorina mihitsy ny tenany. Nambarany fa ny traikefa hananany sy ny fahaiza-manaony, izay efa nataony ho an'ny tanànan'Antananarivo dia afaka hampandrosoany an'Antsirabe ary tsy olana ho azy ny manarina an'Antsirabe sy manefa io karaman'ny mpiasan'ny kaominina io amin'ny fomba fiasany. Nambarany ihany koa fa hainy tsara ny fomba fiarahana miasa amin'ny rehetra.

***Lezama***

Antenimierandoholona

# Mijoro hatrany na fofoin-dRajoelina ho ravana

Miha-mafy hatrany aloha hatreto ny fijoroan'ny Antenimierandoholona eto amintsika, na efa nofofoina sy fofoin'ny filoha Andry Rajoelina aza ny fandravana izany andrimpanjakana izany. Manaporofo izany, hiatrika fivoriana tsy ara-potoana ny parlemanta eto amintsika hanomboka ny 12 aogositra ho avy izao, samy hiatrika izany ny Antenimierampirenena eny Tsimbazaza, sy ny Antenimierandoholona etsy Anosikely. Loha-hevitra anisan'ny voalaza fa hodinihan'ireo mpanao lalàna amin'izany ny momba ny satan'ny antoko mpanohitra indray, izay mbola tsy nampiharina akory, anefa dia izao tadiavina horavana izao sahady ny mahakasika azy, hosoloina amin'ny mpanohitra izay mety hampetipety ny mpitondra indray. Manaporofo ny fahazoan'ny Anteni-



mierandoholona faka koa ny fahavitan'ity andrimpanjakana ity ny fankalazana ny faha-60 taona nijoroany, na tsy nankasitrahan'ny mpanatanteraka tarihan'ny filoha Andry Rajoelina sy ny Praiministra Ntsay Christian aza izany. Ankoatr'izany, mihevitra ny hampihenana ny isan'ireo senateran'i Madagasikara mandritra ity andrimpanjakana etsy Anosikely ity ny fitondrana Rajoelina, hatramin'izao, mbola tsy tanteraka koa aloha izany.

***Ny Valosoa***

**facebook NY VALOSOA VAOVAO**

## Tena miseho ny mpitantana ny gazety Ny Valosoa fa tsy miafina amin'ny kaonty « fake »



**Arp Helisoa :** io ny tenako Arp Helisoa sahy miseho fa tsy miafin'endrika amin'ny kaonty « fake ». Malagasy ray sy reny. Hiseho eto amin'ity firenentsika ity anie ny fahamarinana, ka hiadam-pinaritra ny Malagasy manerana ny Nosy. Mpitantana ny gazety Ny Valosoa Vaovao koa ny tenako.

**Andy Tiana Randrianjohary :** ok ny antsika dada foana, mankahery fa ny mpanenjika toujours afara e!

**Maminirina Romel :** zany ny akamako ! Zah maka anao e! mpanenjika marina toujours afara, tsy mahazaka fanoherana rajoelina sy ny forongony.

**Kelly Geant :** zaho maka anao ranabavy! Mahereza, ny marina tsy maty!

**Andriamihaja Kevin :** tandremo ihany ! Mahavita zavatra ratsy rehefa ratsy loha ny sasany! Ratsy loha ireo mpanongam-panjakana tarihan-dRajoelina ireo, ka mila mailo ihany!

**Kelly Geant :** avelao HIKITIKA eo! Na izany aza, mila mailo tokoa.

**Hantamalala Razanatsara :** marary fo ndray zao le mpanenjika anao reny ah,tsika miseho foana. Ny zanak'I Dada tsy matahotra miseho masoandro izany, tsy toa ny ekipan-dRajoelina sy ny forongony.

**Hanta Raoelison :** courage foana, mitohy hatrany ny tolona !

**Charles Emile Ramanotronarison :** MALINA IHANY E. NY RATSY TSY KELY LALANA. MIARAKA AMINAO FOANA IZAHAY.

**Mamonjy Randriamamonjisoa :** mampahery mandrakariva, "aza matahotra minoa fotsiny ihany !".

**Gila Maso :** ZANDRY ARPHINE MITANDREMA IHANY, IREO ANGE EFA ZATRA MPANDRAVA SY MPANAPOTIKA E! NA IZANY AZA, AO AORIANAO MANDRAKARIVA.

*TONONKALO*

## Angaha matahotra mpanohitra ?

Angaha tsy maro an`isa indray sa inona no atahorana ?
Aza ahodina ny resaka fa lazao am-pahatsorana.
Misy tsy mazava ve ny nahazoana fandresena,
Hany ka mitebiteby sady tsy matoky tena ?

Angaha tsy vola no mahery ? ( Inona no tsy efa vitany ?)
Iretsy "depiote tsy miankina" , firy izao no efa voafitany ?
Mbola tsy nivory akory dia nivadi-panekena
Toy ny trandraka niofo , naka volon-tanimena !

Angaha  tsy efa hoe mazava ny voalazan`ny lalàna
Ny amin`ny satan`ny mpanohitra ry  mpitondra fanjakana?
Sa mitohy hatrany hatrany ny fanaovana antsojay
Sy fingampingana tsy miato izay fanao hatramin`izay ?

Angaha tsy efa velirano ny hanova ny tantara
Ka hanao izay hisandratan`ito Madagasikara ?
Sa dia teny ihany ireny , ka mandalo sy manidina,
F`ianareo mpitondra : hiakatra , ny vahoaka : hitsingidina !

***DADAN`i ZINA ( 25-07-19***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny fivorian'ny antoko TIM tany Antsirabe ny faran'ny herinandro teo.









## Sakafo Ny Valosoa



**Pitipoà sy karaoty indray no laoka amin'ny Sakafo** eto amin'ny gazetinao androany. Fomba fikarakarana azy: ampangotrahana ny rano dia arotsaka ny pitipoà. Arotsaka ny karaoty rehefa elaela. Rehefa malemy ny pitipoà dia hasiana sira. Endasina ny voatabia sy tongolo egypta. Asiana sira dia arotsaka ao aminy rehefa akaiky ho ritra izy. Esorina avy eo amin'ny afo rehefa ritra. Asiana tongolo gasy amin'izay. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoralin'ny voan'ny godro na goty

Fanafody natoralin'ny voan'ny goty na godro indray ny Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Maka voapo na angivy 5, vakio anankiroa. Maka ihany koa voasary makirana na citron iray, fiazana na potserina tsara ilay citron atao miaraka amin'ilay angivy nozaraina roa, zaraina roa fotsiny fa tsy mixé-na mba hitazonana ny herin'ny vitamine ny hanitra hananany, ka mba hiasa tsara ny asany. Alona ao anaty rano MANGATSIAKA 2 litatra, ALONA fa tsy AMPANGOTRAHANA. Rehefa afaka adin'ny roa dia efa azo sotroina, iny ranon'iny no atao rano fisotro mandrapaha harivan'ny andro, atao isanandro rehefa hitanao fa azoazo ny aretina dia hajanona.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Miandrivazo any amin'ny faritra Menabe

Ny tanànan'i Miandrivazo any amin'ny faritra Menabe indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambonivohitra ity tanàna ity, renivohitry ny distrikan'i Miandrivazo. Tsy dia avo toerana ity tanàna ity satria 100 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny lalampirenena faha-34 mihazo an'i Morondava, 220 km miala an'Antsirabe no misy azy. Vokatra any ny vary sy ny haninkotrana isan-karazany, ny paraky. Mpanjono koa ny mponina any an-toerana, satria misy renirano mandalo ity tanàna ity. Misy koa ny mpiompy omby, mahatonga azy ho faritra mena amin'ny tsy fandriampahalemana. I Miandrivazo dia toerana be volamena. Anisan'ny tanàna mafana eto Madagasikara koa izy toa an'i Maevatanana.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 139), Madagasikara 27 jolay 2019

***Nomery 16: 30-32 "Fa raha hanao zavatra vaovao kosa Jehovah, ka hisokatra ny tany ary hitelina azy mbamin'izay azy rehetra, ka ho latsaka velona any amin'ny fiainan-tsihita izy, dia ho fantatrareo fa efa nandà an'i Jehovah ireo lehilahy ireo. Ary rehefa tapitra voalazany izany teny rehetra izany, dia nivava ny tany izay teo ambaniny; eny, nisokatra ny tany ka nitelina azy sy ny ankohonany mbamin'ny olona rehetra izay an'i Kora ary ny fananany rehetra."***

Ry olombelona ô! Amin'izao vanin'andro sy vanim-potoana izao dia miova ny zava-drehetra. Tsy matahotra AHY JEHOVAH intsony ny olona ary hafahafa na dia ny fanompoana AHY aza. Manohitra ny fahamarinana, miteny ratsy ny Fanahy Masina, mifaninana fa tsy mifanampy, tsy mifanohana, tsy mifandray, samy miseho azy te ho zavatra. Tsy mihaino AHY na dia maniraka mpaminany aza AHO. Toy izany ange no nataon-dry Kora sy ry Datana ary Abirama, nihodina, nivadika ary nitaona ny olona sy ny fiangonana hikomy AMIKO sy nandà ny FAHAMARINANA nambarako ka dia ringana. Izao no fotoana ry olombelona hanavahana izay AHY ka atolotro an'i JESOSY izay manaiky AZY ary izay mandà dia rapa-dangon'i losifera satria izy ihany no manome saina ratsy tsy hitiavana AHY sy hialanareo amin'ny fahasoavana. Izany dia miteraka fandringanana ka henoy izay lazaiko fa aza manaiky izay fitaka avy aminy hianareo ary mbola i losifera ihany no mamadika ny fahamarinana rehetra ho fitaka sy lainga eo amin'ny fiainanareo ka dia maro no mino sy manaiky azy ary indro fa izany no mamono ny FANAHY izay ao anatinareo ka dia ringana hianareo. Toy izany no nanjo an'i Kora sy Datana ary Abirama sy ny mpanakaviny. Kanefa anie AHO JEHOVAH dia nanao FANEKENA ho mandrakizay e! FANEKENA = FANAVAOZANA. Tao amin'i Abrahama AHO dia efa niteny, ***Genesisy 17: 7-8*** *"Ary haoriko ny fanekeko ho Amiko sy ho aminao mbamin'ny taranakao mandimby anao hatramin'ny taranaka fara mandimby, ho fanekena mandrakizay, mba ho Andriamanitrao sy ny taranakao mandimby anao Aho. Ary homeko anao sy ny taranakao any aorianao ny tany fivahinianao, dia ny tany Kanana rehetra, ho fananana mandrakizay; ary ho Andriamaniny Aho."* Fa i Mosesy no fitaovako nanatanteraka ny programako tamin'ny teny rehetra izay nambarako tamin'i Abrahama ny amin'ny tany KANANA, ***Genesisy 12: 5*** *"Ary Abrama nitondra an'i Saray vadiny sy Lota zana-drahalahiny mbamin'ny fananan'izy rehetra izay efa nohariny sy ny olona izay efa azony tao Harana; dia niainga izy ireo hankany amin'ny tany Kanana, ka tonga tany amin'ny tany Kanana izy."* Tamin'izany dia naveriko tamin'i Mosesy ny Teniko tamin'i Abrahama : ***Eksodosy 6: 2-4*** *" Ary JEHOVAH niteny tamin'i M!osesy ka nanao hoe: Izaho no Jehovah; ary tamin'ny anarako hoe ANDRIAMANITRA TSITOHA no nisehoako tamin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, fa ny anarako hoe JEHOVAH tsy mbola nahafantarany Ahy, Ary naoriko taminy koa ny fanekeko hanomezako azy ny tany Kanana, dia ny tany fivahiniany izay efa nivahiniany."*Toy izao ny Teny niantohako ny zanak'Israely mba hamponina azy ireo tsara ao amin'ny tany KANANA, ***Eksodosy 23: 20-25***. KANANA = Tany vaovao, voamboatra, fiainana mandala ny fahamarinan'ny lanitra sy mampihatra ny fahasoavan'ny lanitra, mandala ny fitsipika ary ny didy sy lalàn'ny lanitra, mitoetra ao amin'ilay FANJAKAKO JEHOVAH. **Ny atao hoe FANJAKAKO dia fankatoavana ny lalàna sy didy ary ny fitsipika izay avy AMIKO ary tsy maintsy tanterahina**. Efa nambarako teo aloha ny amin'ny mpisorona sy ny fisoronana atao. Ny asan'ny mpisorona dia tsy mandeha amin'izay tiany hatao fa miandry izay baiko sy Teny avy AMIKO dia manatanteraka. Na ny anjely no miteny aminy na ny mpaminany, tsy misy safidy fa asan'ny FANAHY MASINA no raisiny. Eny tsy miova izany na dia ankehitriny izao aza. Indrindra moa mpaminany no ampiasaiko eo aminareo ka mba henoy ihany, mba ekeo ihany. Ny mpisorona dia olona tokony manam-pitiavana, tsy mifidy tavan'olona, mahay mihaino ny olona rehetra sy mahay mifandray amin'ny sehatra rehetra, malalaka fijery sady mandala fiaraha-monina, fiarahamiasa, mahay mijery ny sehatra maro satria any amin'izany rehetra izany ny Fisoronana atao na vavaka atao mba hisy FAMONJENA amin'ny zavatra rehetra. Izany no hahatongavana eo amin'ilay FANJAKAKO. Mba fantatatrareo ve fa ny nahatonga ny zanak'Israely maro ringana dia ny tsy finoana ary ny tsy fankatoavana ny lalàn'ny Fanjakako? Ry olombelona ô! Ny nahatonga ny zanak'Israely nandeha tany an'efitra 40 taona dia fanamboarana azy ireo mba hitovy ny fijery, ny fomba, ny fihetsika, ny asa, ny fanompoana, ny fifankatiavana, ny fihevitra sy ny finoana ary ny fanantenana. Moa ve tsy tahak'izao andronareo ankehitriny izao no tao amin'ny zanak'Israely? Ny fahitako izay monina amin'ny tany dia mbola misarabazana, mbola tsy tody amin'ilay hoe : **mba ho iray ihany hianareo** fa mbola olon-ko azy na ny akaiky na ny alavitra. Ity misy zava-miafina atoroko JEHOVAH anareo olombelona : ny firenena tsirairay dia samy manana BARIKAMBAVAKA tsirairay (tokana io), ohatra : Bresil, barika 1; France, barika 1; Etats Unis, barika 1; Madagasikara, barika 1.... Ny vahoaka ao aminy no samy manandratra VAVAKA mitovy araka ny zava-misy ao amin'ilay Fireneny avy. Raha mivavaka ny vahoaka, aoka tsy misy vavaka mifanaratsy, mivavaka ho an'olona iray na faritra iray fotsiny na maika hanan-toerana izay irina, na mivavaka ho an'olona manan-daza sy be voninahitra. **Izao no marina AMIKO JEHOVAH : vahoaka na Fiangonana mivavaka miaraka ho an'ny zavamisy amin'ny antsipirihany eo amin'ny Fireneny**. Raha izany no ataonareo dia halaky ho feno ilay Barikam-pirenena. Tsy afatra ny tonom-bavaka tsy misy tolo-tsaina avy amin'ny Fanahy Masina fa mandeha ho azy. Mba andramo anie izany lazaiko izany dia ho faingana ny fanasitranana ny taniny. ***Nomery 23: 19-20*** : *"JEHOVAH tsy mba olona ka handainga, na zanak'olombelona ka hanenina; moa efa nilaza va Izy, ka tsy hefainy? na efa niteny va Izy, ka tsy hotoviny? Indro, ny hitahy no efa azoko; ary efa nitahy Izy, ka tsy mahova izany aho."*

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## NY TENY FIAINANA

***Isaia 26:8***

*Koa amin'ny lalan'ny fitsaranao, Jehovah ô, no iandrasanay Anao, ny anaranao sy ny fahatsiarovana Anao no irin'ny fanahinay.*

### TSENAN'I BESARETY

# Hiara-hanatsara azy ny CUA sy ny mpivarotra ary ny mpanao rugby

Tonga nidina nijery ny zava-misy tetsy amin'ny tsenan'i Besarety Boriboritany faha-3, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ny Delegen'ny Boriboritany fahatelo Hery Razafintsalama, sy ireo mpiara-miasa aminy, ny faran'ny herinandro teo. Ny anton'ny fidinana dia mahakasika ny fanatsarana ny tsena na dia teo aza ireo ezaka maro efa vitan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra amin'ny fanavaozana dia mbola ilaina izany fanatsarana izany. Araka izany dia nisy ny dinika sy ny soso-kevitra niarahana tamin'ireo mpivarotra ao amin'ny "Etale" rehetra sy ny CUA, ny Delegen'ny boriboritany, ny ekipa tekinika, ny Lehiben'ny tsena ary ny Delegen'ny mpivarotra. Tapaka tamin'izany fa hamboarina ny elanelan'ny « Etale » andehanan'ny mpividy, izay hita fa tena be fotaka ka hovaina « dallage » ; eo koa ny fanatsarana ny tafo izay mandena ireo mpividy rehefa avy ny orana . Hisy ny fifanarahana eo amin'ny Cua sy ny mpivarotra amin'ny fanatsarana. Nisy koa ny fivoriana izay niarahana tamin'ireo ekipa mpanao rugby SCB, na Sport Club de Besarety, amin'ny fanovana ny tokontany malalaky ny tsena hatao « Pavé » na rarivato. Tapaka fa handray anjara amin'ny fanamboarana ny ekipan'ny SCB ary ny CUA kosa no hameno ny banga rehetra.



*Ny fivoriana tetsy Besarety ny faran'ny herinandro teo.*

***Aly***

### Sekoly ambony IMT

# Mahatsangana orinasa ho an'ny tenany ny mpianatra

Fandraisana anjara ny amin'ny fampandrosoana ny firenena amin'ny alalan'ny fananganan' ireo mpianatra mivoaka, orinasa ho an'ny tenany, io no tanjona ho an'ny sekoly ambony Institute of Management and Technology na IMT, izay manana ny foiben-toerany eny Antanimena. Tsy karazan'irony sekoly mitady isa be dia be irony izy, fa lasa fitadiavam-bola madiodio ny fampianarana raha izay. Ny kalitao no tena karohina fatratra ao anatin'ny fampianarana ataony, ary hatreto dia tsara sy nahafapo ny vokatra azo. Raha taloha mantsy, ny mpianatra any amin'ny taona faha-4 sy faha-5 no mahatsangana orinasa ho an'izy ireny, fa amin'izao fotoana izao kosa mpianatra any amin'ny taona faha-2 sy faha-3 dia efa misy sahady mahatsangana ny orinasany. Tsara be izany ho an'i Madagasikara manokana. Tsy manana olana mihitsy ireo mpianatra mivoaka avy ao aminy amin'ny fitadiavana asa, fa izy ireo indray aza no mitady mpiasa. Misy ny fiarahamiasa amin'ny mpiaramiombon'antoka, ny akaiky dia ny "Alpha Groupe", izay manampy betsaka amin'ny fanatanterahana ny fananganana orinasa, ary misy ihany koa ny fiarahamiasa amin'ireo banky samihafa ho an'ny mpianatra izay mila vola hoentiny manangana orinasa. Sekoly ambony kristiana ity sekoly ity, izay manome lanja ny fahalehibiazan'Andriamanitra eo amin'ny fiainana manontolo mihitsy. Io no lakile iray lehibe nahazoany izao fahombiazana izao. "Tsapanay hoe lehibe ny andraikitra napetraka aminay manomana ny hoavin'ny tanora. Tanora avy amin'ny firenena maro samihafa no beazina ato, ka an' Andriamanitra no miantoka ny ho avin'izy ireny, dia aleo tena apetraka aminy mihitsy mba ahafahany mitarika, manoro hevitra amin'ny alalan'ny Fanahy Masina izay tokony hitondrana ny fampianarana sy ny fanabeazana ny tanora hahatratrarana ny tanjonay, dia ny hoe : "Hanana ho avy azo antoka avokoa ny mpianatra tsirairay avy mivoaka ato ", hoy ny nambaran'ny Tale Jeneraliny, Raharisoabako Alphine. Misy telo lehibe ny sampam-pianarana misy ao amin'ny sekoly: ny "Management et administration des affaires", ny "hôtellerie et tourisme", ary ny "bâtiment et travaux publics". Marihina fa ny IMT, hatrany amin'ny niorenany tamin'ny taona 1998, no efa nanaraka ny rafitra LMD, fa rehefa nitaky io rafitra io ny fanjakana dia mora tamin'ny sekoly no nahazo ny "habilitation", izay no mahatonga ireo sampam-piofanana rehetra ao aminy, na ny Bac +3 na ny Bac + 5, "habilité" avokoa.



***Aris***

MANANJARA SOANIERANA

## Tsy fantatry ny reniny ny fahaverezan'ny zanany

Tranga mampalahelo sady hafahafa no tranga nisy teny Ampasampito, ny herinandro lasa teo. Tsy fantatry ny reniny ny fahaverezan'ny zanany vavikely, na izany aza, voatitry ny Polisy tany antranony ny faran'ny herinandro teo tamin'ny 6 ora 30 hariva i Francia, ilay zaza very teny Ampasampito. Ny Reniny dia tsy nahalala akory ny fahaverezan'ity zanany satria araka ny filazany dia tokony ho any amin' ny renibeny any Ambohimahitsy ilay zaza. Ny fi-



*Ilay zaza naterin'ny polisy teny amin'ny Reniny.*

tantaran'i Francia no nahafantarana fa nirahin 'ilay renibeny hividy menaka no nialany ny trano ary tsy tadidiny intsony ny lalana miverina nody. Ny Polisy ao amin'ny kaomisarian'ny boriborintany fahatelo no niandraikitra ny fanaterana azy teny Mananjara Soanierana, izay misy ny toeram-ponenany. Ny Polisim-pirenena dia manentana antsika hatrany mba hanara-maso ny zaza hisorohana ny fahaverezana toy izao.

***Ny Valosoa***

Sambava

## Henjehina ny fivarotana solika an-tsokosoko

Nidina ifotony ny avy amin'ny sampandraharaham-paritry ny angôvo, ny rano ary ny akoran'afo izay natomboka tany Sambava ny zoma lasa teo, ka nanaovan'izy ireo fampahatsiahivana fa tsy azo atao ny fivarotan-tsolika isaky ny elakelatrano, na fivarotana an-tsokosoko, ary mahavoasazy, hoy ny Talem-paritra Ratovoniaina Thierry Emmanuel. Lasa ataon'ny olona fitadiavam-bola ity varomaizina amin'ny solika ity, ary hita fa misy tambazotra matanjaka ao amin'ny Faritra Sava. Milaza ny mpivarotra so-



*Amin'ny tavoahangy toy izao no ivarotana sy ividianana solika any an'elakelatrano any Sambava.*

lika manao varomaizina fa mahazo tombony 15 000Ar isaky ny jerikanina 20 litatra izy ireo. Ankoatra ny 4 200 Ar vidin'ny lasantsy iray litatra eny amin'ny « station » dia mbola mandoa 2 000 Ar hatramin'ny 3 000Ar eny amin'ny « pompiste » izy ireo. Voatery nametrahana mpanara-maso manokana eny amin'ny «station » vitsivitsy any Sambava mba hisorohana ny fivarotana solika amin'ny jerikanina, ankoatra ireo nahazo alalana manokana. Etsy ankilany, mitaraina ireo mpitondra lakana mandeha motera fa tsy mahazo solika amin'ny jerikanina intsony nefa ny lakana tsy azo bataina eny amin'ny « station ».

***Ny Valosoa***

FJKM Vilihazo Fanantenana

## Nandaniana 200 tapitrisa ariary mahery ny fanitarana

Matotra ny fiaraha-miasan'ny reni-fiangonana sy ny zanaka am-pielezan'ny Fjkm Vilihazo Fanantenana, synodam-paritany Antananarivo atsinanana. Vola mitentina roanjato tapitrisa ariary mahery mantsy no nahavitana ny fanitarana ny fiangonana izay notokanana ny Sabotsy 20 Jolay 2019 lasa teo ny tsangam-baton'izany fanitarana izany, izay fankalazana ny faha -70 taonan'ny fiangonana fitandremana Vilihazo Fanantenana , sady fitokanana ny tranon'ny mpitandrina, Ratsimihafy Ezekiela teny Ambohidrano andrefana. Ny foibe Fjkm no nitarika ny fitokanana sy ny fanamarihana izany. Raha ny Alahady 21 Jolay kosa, dia fanompoampivavahana niarahana tamin'ny Fjkm Amboniсоa tanindrazana izay notarihan'ny mpitandrina, Ramamonjisoa Philibert mitondra ny Fjkm Ankadikely Ilafy



raha ny mpitandrina Andriamizehy Ramahason Rodolph no nitondra ny hafatr'Andriamanitra, izay noraisina tamin'ny teny faneva voasoratra ao amin'i Isaia : 43 manao hoe « Hianareo no vavolombeloko hoy Jehovah, sady mpanompoko izay efa nofidiako ». Tamin'io Alahady io koa no nanolorana mari-pankasitrahana ireo ray aman-dreny vita batisa voalohany tamin'ny taona 1949 izay nahatratra 8 mianadahy . Notolorana mari-pankasitrahana ihany koa ireo fanambadiana nihoatra ny 10 taona izay nahatratra 53. Teo ihany koa ireo nahazo loka tamin'ny fifaninanana hira sy dihy, logo sy hira faneva roa ary notolorana mari-pankasitrahana sy valisoa. Hipoka tanteraka ny Fjkm Vilihazo Fanantenana ny Alahady lasa teo izay fanompoam-pivavahana nofaranana tamin'ny fandraisana ny fanasan'ny tompo sy fiarahamisakafo ary mofomamy mitam-pihavanana. Raha ny fanitarana ny fiangonana manokana, dia 10 taona lasa no natao ny fametrahana vato fehizoro ary telo taona taty aoriana vao natomboka ny asa fanitarana. Teo amin'ny kojakoja samihafa toy ny hady fototra, fananganana ny trano sy ny kojakoja tao aminy dia nandaniana vola mitentina roanjato tapitrisa ariary mahery raha ny nambaran'ny filohan'ny zanaka am-pielezan'ny fiangonana, Rakotojaofeno Petera nandriry ny tatitra nataony tamin'ireo mpino kristiana tonga teny an-toerana. Ankoatr'io ny dabilio miisa 62 amin'ireo 140 kasaina hovitaina. Ny Alahady lasa teo ihany dia efa fikasan'ny kristiana indray ny fanangana rihana vaovao satria tsy mitsahatra mitombo ny mpino kristiana sy ny zanaka am-pielezana. Nisaotra manokana ny rehetra tamin'ny fifanomezan-tànana, ka nahavitana izao fanitarana ny fiangonana sy ny ezaka mbola miandry izao ireo komitin'ny fankalazana, ary nanamafy fa matotra ny fiaraha-miasa eo amin'ny reni-fiangonana sy ny zanaka am-pielezana Fjkm Vilihazo Fanantenana, synodam-paritany Antananarivo atsinanana.

***Rajo***

Fananantany

## Trano sy tany 300 ara voafindra tompo 10 andro monja

Mamofompofona kollikoly avo lenta indray ny ao amin'ny sampandraharahan'ny fananantany eto Antsirabeo. Tany 300 ara misy trano rihana telo mantsy no fantatra fa vita famindrana amina anaran'olona hafa tao anatin'ny 10 andro monja ary ireo tompony indray no notoriana fa nibodo tanin'olona. Raha ny fanazavana azo tamin'ireo lasibatra dia nikasa hindram-bola tamina banky iray ity ramatoa teratany malagasy manambady teratany frantsay ity. Nisy nampahafantatra azy ramatoa iray voalaza fa akaiky ny talen'ilay banky ka nampihaonina izy roa, izay tsy mifankahafantatra akory ny 2 jolay lasa teo. Rehefa tany amin'ilay talen'ny banky izy ireo dia nambarany fa tsy nety taminy ny fepetran'ny banky ary nody izy ireo. Nandritra ity fihaonana ity dia efa nentiny ny boky titre-n'ny taniny tao Tsarasaotra fa saika hataony antoka. Rehefa nody anefa izy ireo dia gaga ilay ramatoa fa tsy hitany ilay boky titre tany. Nikoropaka izy hampandre ny polisy saingy noraran'ilay ramatoa fa mbola tokony hiala nenina aloha, kanjo natao ihany izany ary naka ireo taratasy nilaina izy, toy ny certificat juridique sns...., ary mbola nahazo izany. Voapetraka ny 8 jolay ny fitarainana tao amin'ny polisy saingy tamin'ity herinandro ity dia naka taratasy "Pré-notation" tany amin'ny domaine Antsirabe indray izy ka akory ny hagagany fa nambaran'ny tompon'andraikitra tao fa efa vita famindrana amin'ny anaran'olon-kafa ny taniny sy ny tranony. Nikoropaka nanao fitoriana teny amin'ny polisy ny tenany ka akory koa ny hagagany fa efa nisy fitoriana azy ho mibodo tanin'olona indray tao amin'ny polisy ary nantsoina hanaovana fanadihadiana ny tenany. Tao vao fantatra fa tany amin'ny kaominina Vinaninkarena no nanaovana ny fifampivarotana araka ny taratasy nosoniavin'ny Ben'ny tanàna. Hiakatra fampanoavana anio moa ity raharaha ity, izay hanairana ny tompon'andraiki-panjakana fa efa mampiteny ny moana ny sampandraharahan'ny fananan-tany eto Vakinankaratea, raha resaka kolikoly isan-karazany io. Manantena ny hijerena akaiky ity raharaha ity moa ny vadiny izay teratany frantsay mialohan'ny hitondrany ny raharaha amina sehatra hafa indray. Ambaran'izy ireo mantsy fa tafiditra amin'izao raharaha izao ny Ben'ny tanànan'i Vinaninkarena sy ny sampandraharahan'ny fananan-tany ary ny mpitsara nanome alalana ny vaditany efa fanta-daza amina raharaha fandravana trano sy fanesoran'olona eto Antsirabe.

***Lezama***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao. Mitovy tsy misy hafa ny hevitra sy tetika fonoson'ny projet nananganana ny quartier du plateau tany Côte d'ivoire tamin'izany sy ny projet fananganana Tanamasoandro tsy mazava ankehitriny. Aferafera tsy mazava miaraka @ mpanam-bola vahiny sy teratany malagasy mifangaro @ fitondram-panjakana vahiny sy eto an-toerana. Vina sady tsy mitombina no tsy maika ary tsy laharam-pahamehana velively amin'ny famahana ny tena olona mianjady marina amin'ny vahoaka malagasy ankehitriny dia :

1°) ny tsy fahampian'ny vary hohanina lasa tsy taka-bidy.

2°) ny tsy fahampian'ny angôvon'aratra fototry ny delestazy sesilany mampijaly vahoaka eo @ lafiny fanazavana tanàna, fandriampahalemana ary indrindra indrindra ny toe-karena noho ny tsy fahafahana miasa milamina fa tapaka lava ny jiro

3°) ny rano izay mampijaly tokoa amin'izao.

***Bernard Rasolonjatovo***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
Toavina R

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**27/07/19 hatramin'ny 03/08/19**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face Tahala Rarihasina) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 936-07-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

BIÔLÔJIA SY FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA

# Handray ny fivoriambe faha-56 ny ATBC i Madagasikara



*Tanalahy, zava-manan'aina anisan'ny mampiavaka an'i Madagasikara.*

Mahaliana ireo mpikaroka avy amin'ny lafy valon'izao tontolo izao ny resaka biôlôjia amin'ny tany mafana eto Madagasikara. Noho izany, handray ny fivoriambe faha-56 ny ATBC na ny Association of Tropical Biology Conservation, na ny fikambanana iraisam-pirenena mpiaro ny zava-manan'aina sy ny manodidina azy i Madagasikara ny 31 jolay ka hatramin'ny 3 aogositra ho avy izao eny amin'ny CCI Ivato. Solontena avy amin'ny firenena miisa 50 mahery eto amin'izao tontolo izao no hiatrika izany fivoriambe momba ny biôlôjia na ny fianarana sy fikarohana momba ny zava-manan'aina izany ary ny fiarovana azy. Hiompana amin'ny fikarohana sy ny fiarovana ny zava-manan'aina ataon'ny mpikaroka Malagasy koa izao fikaonandoha iraisam-pirenena izao, ary indrindra ny fiarovana atao maneran-tany. Handrasana amin'izao fihaonana iraisam-pirenena izao ny fanambarana antsoina hoe "declaration d'Ivato" momba ny resaka biôlôjia, hatao izany mba hisy ny fepetra hentitra ho raisin'ny mpitondra Malagasy amin'ny fiarovana ny zava-manan'aina misy sy mampiavaka ny Nosintsika.

**Aly**

Andraisoro sy Ambatokaranana

# Nahazo lalankely avy amin'ny CUA koa araka ny fangatahan' izy ireo

Taorian'ny fitarainan' ireo mponina eny Andraisoro sy Ambatokaranana voarain'ny avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Nanatanteraka fitsidihana teny ifotony ireo tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina omaly, izay notarihan'Andriamatoa Razafimahefa Heriniaina, Mpanolotsaina manokan'ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra Lalao Ravalomanana, ny delegen'ny Boriboritany fahadimy Rakoto Emmanuel Richard sy ny Lefiny. Teny Andraisoro akaikin'ny Fofifa no natomboka ny fitsidihana, ka hisy ny fanamboarana lalana ho rarivato, nitohy teny Ampasampito Ambatokaranana avy eo, nijerena ny fizotra sy ny fahavitan'ilay lalankely mirefy 120 m natao pavé na rarivato ary nijerena koa izay fanatsarana mbola tokony ho atao. Izao hetsika izao no natao dia mba hitsinjovana manokana ny vahoaka eny ifotony, sy ho fanatanterahana ny vinan-dRamatoa Ben'ny tanànan'Antananarivo : "Antananarivo, soa iombonan'ny Malagasy".


**Stefa**



*Ny fitsidihana lalankely nataon'ny CUA tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 288

BEHARO




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0287)

***Mitsivalana***
- Ny - Boka
- Aminy - If
- Manta (Miv) - Ih
- Lasa - (H)ena
- Rava - Sy
- Nitomany (Miv)
- Tolonay (Miv)

***Mitsangana***
- Alina
- Lambo (Miv)
- Manitra
- Eto
- Isa - Nan(a)
- Tsikiny (Miv)
- Man (Miv) - Avo
- Fanahy

## TENY MIFANARAKA N° 288




**Mitsivalana**

**1.** Voretra - Kanto **2.** Anaran-tanàna **3.** Mpanondro toerana - Tsipaho **4.** Gara malaza ao Atsinanana **5.** Iray tampo - Maneho fitoviana **6.** Tsy lavitra - Marika (Miv) **7.** Lena (Miv) - Soa sy tsara **8.** Miady ho an'ny firenena **9.** Ino ? - Faranteny **10.** Sipany, olon-tiany

**Mitsangana**

**A.** Misintaka - Simba eo amin'ny molotra (Miv) **B.** Ambony - Tsy aloha fa aoriana handatsa **D.** Maimbo, masiso - Zanak'i Dada - Fanampin'anarana (Miv) **E.** Vahoaka eto antany **F.** Marina - Tovovavy tena malagasy - Fiarovana @ moka **G.** Fomba mandidy ny vidy (Miv) - Tampisaka **H.** Tapitra (Miv) - Hery sy tanjaka (Miv) **I.** Piso - Vizana **J.** Sahala (Miv) - Mpanoritra **K.** Atambatra, akambana

### Valiny Teny mifanaraka 0287

***Mitsivalana***

1 Tsapa - Tale 2. Sar(y) - Noana 3. Er - Ka 4. Nafaritany 5. Anilanao 6. Ia - Hono (Miv) - Om (Miv) 7. Mifono (Miv) 8. Soratana 9. Ory - In 10. Natokanao

***Mitsangana***

A. Tsenainao B. Sarona - RN D. Ar - Fi(to) - Tsia E. Kalo F. Anaranareo G. Inona ? H. Ta(ona) - Tahotra I. Andao - Fa J. La - Minia K. Milomano

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air Ampandrana, taorian'ny fahatongavany avy any ivelany.**












**Ny fijerena fanamboarana lalankely nataon'ny CUA tao amin'ny Boriborintany faha-5.**







